## Razanamahasoa Christine
# Hifampiaro hono ireo depiote 3


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 20 Jolay 2019 Laharana 932 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 136), Madagasikara 18 jolay 2019** 5

### Filoha Rajoelina 2
# Nitokana sinema tsy hihinanan-kanina




### Praiministra vaovao 2
# Ntsay ihany no Christian



**HETSIKA NY OLOMPIRENENA... 2**
## Manasa tanana amin'ny olana hitranga



**Fitateram-bahoaka 3**
## Tsy misy mijery ny olan'ny mpandeha

**Filaminam-bahoaka 2**
## Nitombo 1098 ny isan'ny polisy eto amintsika

**Ny Valosoa sy Mahasoa 4**
## Fanafody natoralin' ny siniozita

**Daka kely**
Tsy ho gaga intsony ny mpokona raha hitokana W.C ialahy ry Boaikely atsy ho atsy !

**70 taonan'ny mpamonjy voinan'ny CUA 5**
## Fanamby ny hanangana sekolin'ny « Pompier »



Praiministra vaovao

## Ntsay ihany no i Ntsay

Nivoaka omaly ny didim-panjakana nosoniavin'ny Filoha Andry Rajoelina, izay mandendry ny Praiministra vaovao eto amintsika dia ny Praiministra teo aloha Ntsay Christian ihany. Izy ihany arak'izany no hiasa eny amin'ny Lapam-panjakana eny Mahazoarivo, izany hoe Ntsay ihany no i Ntsay: izy no lehiben'ny governemanta teo aloha izay nametrapialana afak'omaly, dia izy ihany no Praiministra vaovao notendrena omaly. Sarintsariny fotsiny arak'izany ny fanolorana anarana olona 3 natolotry ny Antenimieram-pirenenana, araka ny voalazan'ny Lalampanorenana, ka hisafidianan'ny filoha izay ho lehiben'ny governemanta, satria efa fantatry ny filohan'ny mpanon-



gam-panjakana Andry Rajoelina fa i Kotozafy ihany no Alexis, araka ny fitenin-jatovo izay. Mitohy ihany izany ny fitondran'ireo saribakolimbazaha antsika, satria na rajoelina, na Ntsay, izay lehiben'ny mpanatanteraka eto amintsika dia samy mpiaro ny tombontsoan'ny vahiny. Ankoatr'izany, araka ny vaovao voaray dia rahampitso alahady no mety hanendrena ireo mpikambana vaovao ao amin'ity governemantan'ny Praiministra Ntsay Christian ity.

***Isambilo***

Fitondrana Rajoelina

## Diso fanantenana ny valalabe mandry hoy i Liva KMFB

Mitondra ny fahitany ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana indray i Liva avy amin'ny KMFB (Komity Miaro ny Fiainam-Bahoaka). Tsy misy Malagasy izay tsy mikaikaika miatrika ny fahasarotam-piainana ankehitriny eto Madagasikara, indrindra ireo valala-be mandry izay mikarama latsaky ny 300 000 Ar isam-bolana. Nanantena fa nahazo filoha vaovao dia hoe : « Handroso i Gasikara ; kanjo indrisy ny anao fa vao mainka namarára ». Tantsaha ny ankamaroan'ny malagasy, mpamboly, mpiompy, ary tena mpamokatra tokoa, kanefa indrisy fa tsy mba mihinana sy mihanoka ny vokatra eto amin'ny taniny, noho ny fiakatry ny vidim-piainana tsy mitsahatra. Ny sakafo izay filàna fototry ny malagasy mihitsy mantsy no tena voakasik'izay fiakarana izay. Hatreto anefa dia mbola resabe, fihetsiketsehana, fanokanana zava-bita, izay asa tsy nosasarana akory no sakafo pôlitika fampiesonana hamahanana ny vahoaka malagasy. Eny amin'ireny sehatra ireny no miezaka manampimaso ny malagasy mba tsy hahitana izay mety tsy fahombiazana eo amin'ny fitantanana ny firenena. Raha hitoditsika ohatra ny tranga BAREA, izay tena niezaka sy namono tena tokoa hampandroso sy ny hiaro ny voninahitr'i Madagasikara nandritra iny CAN 2019 lasa teo iny, dia iarahan'ny malagasy rehetra mahafantatra fa tsy ny fitondrana Rajoelina izay vao fito volana mihitsy akory no namolavola sy nikolo ireo mpilalao ireo ka nahazoana izao vokatra tsara izao, fa dia namantam-bonona fotsiny ihany. Fahaiza-manaony rahateo io. Ny tsara kosa anefa dia tsara foana ary mendrika ny hankasitrahana. Teo ohatra ny fikarakarana, fitsenana makotrokotroka natao tamin'i BAREA, niampy ireo fanomezana arabola, sy fankasitrahana marobe toy ny mari-boninahitra. Adidy sy andraikitry ny mpitondra fanjakana tokoa ireny,satria izy no Ray aman-dReny voalohany. Tao anatin' ireny anefa dia nisy ihany koa ny atao hoe : fanararaotam-paty, izay tsy nankasitrahan'ny malagasy maro.Tao ohatra ny fanomanana mpanentana sy mpanakanto ary olon-tsotra tany anaty vahoaka tany nihorakoraka nanao hoe : « Merci Président » isaky izay mahatsiaro. Mikoha-maina tokoa aza moa hatao vao mainka ve ka misy toa ny BAREA izao ? Enga anie izany aorian'i BAREA, dia hisy koa MAKI, sy ny sisa, dia mba hadinon'ny malagasy eo ilay fiainany sahirana. Na izany aza anefa dia lasa ihany koa ny saina manao hoe : sao dia mba tsikaritry ry zareo BAREA kosa aza izay mety ho endrika ho fanararaotana pôlitika tiana atao amin-dryza-reo izay, ka dia naleon'ny BAREA nanao mody resy fotsiny tsotra izao. Raha ny fomba filaon'ny BAREA hatramin' ny voalohany mantsy dia tsorina fa tsy toy ireny tamin'ny ampahefa-dalana ireny mihitsy e ! Heritreritr'Andriamatoa Liva samy irery ihany anefa iny, fa izay tena asa fampandrosoana ataon'ny mpitondra ho an'ny firenena izao no andrasantsika miaraka.

***Nangonin'Isambilo***

Hetsika ny Olompirenena miady amin'ny hosoka sy halabato

## Manasa tanana amin'ny olana hitranga

Taorian'ny fikaonandoha nataon'ny Hetsiky ny Olom-pirenena miady amin'ny hosoka sy ny halabato tao amin'ny Hotel Carlton ny alatsinainy 15 jolay lasa teo dia tsy nipetra-potsiny ity fikambanana ity, ny amin'ny mba hisian'ny fifidianana madio eto amin'ny firenena, ka hitety ireo andrim-panjakàna rehetra misy eto amin'ny firenena sy ny masoivoho vahiny miasa sy monina eto Madagasikara izy ireo, hampahafantatra sy hanatitra io fehin-kevitra io. Ny alakamisy teo no tonga tao amin'ny Lapan'ny Antenimierandoholona Anosikely, nanatitra ny fehinkevitra tapaka ity Fivondronan'ny olom-pirenena miady amin'ny hosoka ity. Nitarika ny delegasiona tamin'izany i Rakotonirina Jean Claude Roger, kandida depiote tao Toamasina, ka ny Filoha lefitry ny Antenimierandoholona avy amin' ny Faritanin'i Toamasina, Malo Benoit no nandray azy ireo tamin'izany. Nanazava i Rakotonirina Jean Claude Roger fa maro isan-karazany ny hosoka sy ny tsy fahatomombanana hita soritra nandritra iny fifidianana solombavambahoaka notontosaina farany teo iny, ka tsy tokony hirosoana ny fifidianana manaraka eo raha tsy voahitsy ny lalàna mifehy ny fifidianana, mba hanatsarana ny vokatra, fa raha tsy izany dia manasa tanana izy ireo ny amin'ny olana goavana mety hitranga eto amin' ny firenena, amin'ny fifidianana manaraka ho avy eo.

***Helisoa***

Tanora Tim Ambohimanarina

## Hanatanteraka didimpoitra faobe amin'ny 17 Aogositra

Toy ny fanao isan-taona dia tsy manadino ireo mponina, indrindra fa ireo fianakaviana sahirana ny tanora Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny boriborintany faha-6 Ambohimanarina. Efa nanao izy ireo tamin'ny taona lasa, fa andiany faharoa indray ity tanterahin'ny antoko ity. Ny 17 Aogositra 2019 ho avy izao no hanatanterahana izany raha ny nambaran'ny mpandrindra lefitra tanora Tim Analamanga, Rabezanahary Lalaina. Tsy ny resaka didimpoitra faobe ihany, fa eo ihany koa ny fizahampahasalamana maimaimpoana sy fanomezan-drà eny amin'ny Hjra Ampefiloha, izay mampiavaka ny hetsika amin'ity taona ity. Tsy mijanona eo akory ny hetsika raha ny nambaran' ny tompon'andraikitra ihany fa hotohizana isan-taona izany ho fanomezana fahafaham-po ny mponina, indrindra fa ireo manana olana eo amin'ny lafiny fahasalamana sy ny tsy fahampiana ara-pivelomana ihany koa. Afaka manatona ao amin'ny Lycée Privée Les Rossignols Ambohimanarina ireo rehetra te-hanao didimpoitra ny zanany, na eny amin'ny fokontany akaiky azy satria ny valala tsy indroa mandry am-bavahady. Tanora Tim vonona sy miatrika ny ho avy moa no an'isan'ny tanjon'ny tanora Tim Ambohimanarina.

***Rajo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Filoha Rajoelina
## Nitokana sinema tsy hihinanan-kanina

Efa nambara ombieny ombieny, fa tsy manana vina ijerena ny tena mahasoa ny vahoaka 22 tapitrisa amin'ny fitantanana ny firenena ny fitondràna TGV tarihin'ny filohany Andry Rajoelina. Ny mahafinaritra hatrany aloha no hita hatramin'izao fa tsy hita izay tena fijerena ny tena maharary ny vahoaka. Aiza ve ka dia ny filohan'ny repoblika mivady mihintsy miaraka amin'ny minisitry ny serasera Lalatiana Rakotondrazafy indray no mitokana toerana fijerena sarimihetsika, "Canal Olympia Iarivo" eny Andohatapenaka, izay toerana misy efitra fijerena sarimihetsika mahazaka olona 300. Raha izany isa 300 zakan'ity efitrano fijerena sarimihetsika vaovao ity izany dia kely ihany, raha oharina amin'ny fijerena sarimihetsika nisy. Ny sinema Kanto tamin'ny fotoan'androny ohatra dia mahazaka hatramin'ny mpijery 800. Ka dia izany trano fijerena sarimihetsika bitika izany ve no tokanan'ny Filohampirenena, tena mahamenatra. Izany no mahafinaritra ny mpitondra ankehitriny mampifalifaly ny ampahany amin'ny vahoaka Malagasy. Inona moa no tombontsoa azo amin'ny trano fijerena sarimihetsika sy fampisehoana ankalamanjana amin'izao fotoana izao ? Efa 7 volana nitondràna ny firenena ny mpitondra ankehitriny izao, efa maika amin'ny hanatanterahana ny vina nampilendalendaina azy tamin'ny fampielezankevitra ny vahoaka Malagasy ankehitriny, fa aza sarotsaronana amin'ny zavatra tsy mahasoa. Miandry asa mivaingana miantraika amin'ny fiainan'ny tokantrano Malagasy mba ho tsaratsara kokoa izao ny rehetra, fa tsy fandihizana sy ny koràna tsy hihinanan-kanina. Koa miandry ny praiminisitra vaovao Ntsay Christian tsy tontan'ny ela mba hijery ny tena hitondràna ity firenena ity fa tsy ho variana amin'ny rendrarendra tsy mahasoa fotsiny satria efa tena mijaly amin' ny fahantrana ny vahoaka Malagasy.

***Helisoa***

Filaminam-bahoaka

## Nitombo 1098 ny isan'ny polisy eto amintsika

Notontosaina omaly ny famoahana ny andiany Fenitra tao amin'ny sekolin' ny Polisim-pirenena manofana ho "Agents" sy "Inspecteurs de police" any Antsirabe. Miisa 1098 ireto Polisy vaovao ireto, ka 100 ny Inspecteurs de Police (miisa 08 ny vehivavy) raha 999 kosa ny "Agents de Police"(miisa 94 ny vehivavy). Nitondra hafatra ho an'ireto andiany "Fenitra" ireto ny Minisitry ny filaminam-bahoaka ny Controleur Général de Police Rafanomezantsoa Roger ary nilaza fa : "Ny galona izay napetraka teny an-tsorokareo androany, tadidio tsara dia, laharamboninahitra sandain'andraikitra avy amin'ny firenena Malagasy, aza viraviraina toa voro-damba fa vidio haja, vidio voninahitra, na amin'ny fihetsika, na amin'ny fiteny, ary indrindra amin'ny fomba fiasa, ho reharehan'ny mpiray tanindrazana. Aza avela hiraviravy tanana eo anoloan'ny horohoro ny vahoaka. Aleo hafindra any amin'ny tontakely ny tahotra, efa ela niandrasana izany ny Malagasy". Ankoatra ny famoahana ny andiany "Fenitra" dia nisy ihany koa ny fanatanterahana ny fandraisam-pibaikoana teo amin'ireo talem-paritra vaovao.

***Ny Valosoa***



*Ireo polisy vao navoaka tamin'ny fomba ofisialy omaly tany Antsirabe.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fitateram-bahoaka : tsy misy mijery ny olan'ny mpandeha

Toy ny tsy misy tomponandraikitra ny vahoaka amin'ny fitaterana sahanin'ireo taxibe maro eto an-drenivohitra sy ny manodidina. Teboka iray lehibe azo itarafana tsara ny fandrosoana na tsia ny firenena io tranga io. Mandainga ny mpitondra izay midehaka fa misy ny fandrosoana tato anatin'ny folo taona farany nandritra ny fotoana nitondrany. Io fitateram-bahoaka io no azo raisina ho tondro iray lehibe itarafana izany. Amin'io no ahitana mazava tsara mihitsy ny fijaliam-bahoaka sy ny endriky ny fomba fitantanana ny firenena. Tena mbola mijaly ny vahoaka, ao anatin'izany indrindra indrindra ny mpiasa sy ny mpianatra, na hiainga vao maraina hamonjy toeram-piasana sy toeram-pianarana, na hamonjy fodiana amin'ny hariva. Rehefa amin'ny hariva izany dia mampiteny ny moana mihitsy ny familafilan'ny mpitatitra. Misy vao amin'ny 6 ora hariva dia milaza fa efa tsy miasa intsony. Ny vahoaka te-handeha fiara hamonjy fodiana anefa marobe. Ary tsy ny lehibe na tanora sy zatovo ihany fa misy ihany koa ny zaza trotroina. Miharihary amin'ny fotoana toy izany ny fisian'ny gaboraraka eo amin'ity sehatry ny fitateram-bahoaka ity. Manao izay tiany atao ny mpitatitra sy ny kaoperativa miahy azy ireny. Efa firy taona izay no nisian'ny fifanosehan'ny mpandeha maika ho tafiditra ao anaty taxibe amin'ny fotoana toy ireny. Ao anatin'izany ny fisian'ny mpanararaotra mpangarom-paosy. Tsy nisy vahaolana mihitsy hatramin'izao izany mampahory ny vahoaka izany. Tsy hita soritra na kely akory aza izay mba fandaminana ataon'ny kaoperativa. Ny fanaraha-maso ataon'ny rafitra ambony kokoa miankina amin'ny ministeran'ny fitaterana, dia ny sampan-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety na ny ATT, tsy mihitsy ny ezaka famahana io olana lehibe io hatramin'izay fotoana ela izay. Efa fotoana ela no nanairana azy ireo, fa toy ny antso an-tany efitra izany. Tsy mahakasika azy ireo mihitsy angamba ity fahoriam-bahoaka amin'ny fitaterana taxibe ity, fa migalabona amin'ny fiarany avy izy ireo. Hatreto izany, dia tsy misy mijery sy tsy misy mivaky loha ity olam-bahoaka iray lehibe iainany isan'andro ity. Tsy nahenoina mihitsy ihany koa na kely akory aza izay soritr'asan'ny fitondrana ankehitriny amin'izany. Dia tavela amin'ny fahoriana eo ny vahoaka, ny mpitondra variana amin-javatra hafa hatrany.

***Radafy***

Pr Harimalala Joseph, Iazan'ny Barea

# Ny hafa no namono ny voay, ny hafa no miravaka ny vanginy

Isan'ny akom-baovao nitana ny sain'ny maro ny laza sy ny voninahitra nentin'ny Barean'i Madagasikara tany ivelany, ka nampiakatra mihitsy ny fahafantaran'izao tontolo izao an'i Madagasikara. Azo lazaina fa ny sasany no namono ny voay kanefa dia ny hafa no miravaka ny vanginy raha ny fahitan'i Pr Harimalala Joseph azy. Raha tsiahivina mantsy hoy ity mpandinika ity dia efa tamin'ny andron'ny fitondrana teo aloha no nahatafita ny ekipam-pirenena sy nifantenana ireo mpilalao nandrafitra izany, saingy amin'izao fotoana dia ny mpitondra ankehitriny no miravaka ny vanginy ary dia tanteraka tokoa ilay teny filamatra nosafidiany fa ny fitiavana no lehibe indrindra dia ny fitiavana sehoseho sy ny mahafinaritra, kanefa ankehitriny dia efa manomboka lefy sahady izany satria efa nisitraka ny volabe nomena azy ireo mpilalao ary efa niverina any amin'ny fiainany andavanandro izao. Betsaka ny vola natao fafikatrana tamin'iny CAN iny, hatreo amin'ny dingan'ny ampahefa-dalana iny, ary taorian'ny fodian'ny mpilalao aza dia mbola nankasitrahana volabe ihany koa izy ireo, izay rariny tokoa aloha, hoy ity mpandinika ity saingy aiza ho aiza re ny fafikatrana amin'ny vola hampandrosoana an'i Madagasikara sy ny fanamaivanana ny fahoriana mianjady amin'ny mponina no dia Ariary 100 monja no nanaovana izany tamin'ny vidin-tsolika? Kanefa dia ireo maro an'isa ireo anie ny ondrin'Andriamanitra tena tokony ho sahaninao e? Andriamatoa filoha ô! Tadido ny tenin' Andriamanitra ao amin' ny Jaona voalohany 2: 17 manao hoe: "Ary mandala izao fiainana izao sy ny filâny; fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay"! ka aoka re mba hijery akaiky ireo maro an'isa ireo ianareo e! Ankoatra izay dia misy toe-javatra manaitra ny fo sy ny saina izay hanairako ny Malagasy, hoy ity mpandinika ity dia ireo karazana fita-bitro hataon'ny mpitondra ankehitriny ireo, amin'ny vahoaka Malagasy. Raha ara-tsoratra masina mantsy, izay ambaran'ny bokin'ny Apokalypsia 13: 1-18 dia ny filazana ny mariky ny bibidia. Mahagaga mantsy fa toa lasa ivavahana mihitsy ankehitriny ny mariky ny 13, izay ampiasain'ny filoha mianakavy mihitsy ankehitriny, izay mbola namafisin'ny Sekretera jeneralin'ny antoko TGV tamin' ny alalan'ilay marika V sy ny tandroka. Fa nanionona no nokendrena 13 jolay no nodian'ny Barea teto Antananarivo? ary nahoana no novoizina fa ny Barea no nanao ny fampihavanam-pirenena? Fa tsy misy nilàna azy izany ilay andrimpanjakana najoro fa natao handaniam-bola fotsiny? Araka ny ambaran'ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Korintianina voalohany 5:19 manao hoe: "Andriamanitra ao amin'i Kristy no mampihavana izao tontolo izao taminy, ka tsy nanisa ny fahadisoany; ary efa napetrany aminay ny teny fampihavanana", noho izany dia aoka ianareo mpanao politika tsy hiditra amin' ny fampihavanana ny Malagasy fa ny Malagasy dia afaka mihavana foana rehefa tsy eo ianareo, ary ovao io marika ataonareo amin'ny tandroka io fa toa fanomezan-danja an'i satana izy io, izay toa nifandovanareo tamin'ny fitondrana teo aloha ihany, izay efa nambaran'ny soratra masina ao amin'ny Apokalypsia 13: 1-18 izany fa ny ao amin'ny andininy 11-18 no lazaiko eto dia ny hoe: "Ary hitako fa indro nisy bibidia iray koa niakatra avy tamin'ny tany ary nanantongotra roa tahaka ny an'ny zanak'ondry izy sady niteny tahaka ny Dragona. Ary ny fahefana rehetra nananan' ilay bibidia voalohany dia asehony eo anatrehany, ary ny tany ambanin' izay monina eo dia asainy miankohoka eo anoloan'ilay bibidia voalohany, izay efa sitrana tamin'ilay feriny saika nahafaty azy. Ary nanao famantarana lehibe izy, ka dia nampidina afo avy any an-danitra ho amin' ny tany eo imason'ny olona aza. Ary mamitaka izay monina ambonin'ny tany amin'ny famantarana izay nomena azy hatao eo imason'ny bibidia, sady milaza amin' izay monina ambonin'ny tany koa mba hanao sary ho an'ny bibidia, izay voan'ny sabatra nefa velona ihany. Ary navela hanisy aina ny sarin'ny bibidia izy mba hahateny ny sarin'ny bibidia. Ary ny olona rehetra na ny kely na ny lehibe, na ny manan-karena na ny malahelo, na ny andevo na ny tsy andevo dia ampandraisiny marika eo amin'ny tanany havanana na eo amin'ny handriny avokoa, mba tsy hisy hahazo hividy na hivarotra hafa tsy izay manana ny marika, dia ny anaran'ny bibidia na ny isan'ny anarany. Indro ny fahendrena izay manan-tsaina hanisa ny isan'ny bibidia fa ny fanisan'ny olona: ary dia enina amby enim-polo amby aninjato izany". Heverina araka izany fa mahalasa saina ary toa mitombina ve ny zavanisy teo satria ny isan'ireo olona nandeha farany tany Ejipta dia nokendrena ho 613. Fa nahoana? Sa efa miaina ao anatin'ny fitondran'ny maizina isika? Koa manaitra antsika Malagasy ny tenako hoy i Pr Harimalala Joseph mba tsy ho voafitaka intsony, fa hoy ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Jaona 3: 36 manao hoe: "Izay mino ny zanaka no manana ny fiainana mandrakizay, fa izay tsy mino ny zanaka kosa dia tsy hahita fiainana fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra ao aminy.

***Lezama***

## NY TENY FIAINANA




**Matio 19:28**

*Fa hoy Jesosy taminy: lazaiko aminareo marina tokoa fa rehefa mby amin'ny fanavaozana, ka hipetraka amin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny ny Zanak'olona, hianareo koa, izay nanaraka Ahy, dia hipetraka amin'ny seza fiandrianana roa ambin'ny folo ka hitsara ny firenen'Isiraely roa ambin'ny folo.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Hifampiaro hono ireo depiote hoy Razanamahasoa Christine



**Mandroso Randria** : «Enga anie ka mba ho députés hifankatia sy hahay hifampiaro isika» hoy ny Filoha RAZANAMAHASOA Christine teny Tsimbazaza.

**Aina Ny Avo** : hifankatia sy hifampiaro no laharam-pahamehana amin'ny députés???? Aiza ny toeran'ny vahoaka amin'izany? Tsipaka am-bavafo atao amin'ny vahoaka nifidy azy ireo izany amiko. Fiarovana ny vahoaka sy ny tombontsoany no ilàna azy ireo fa tsy izany fiarovan-tena izany izay arangaranga dieny izao fanombohany fotoam-piasana izao. Mandiso fanantenana.

**Stivy Joh** : sady Deputes tsy mteny ratsy!

Zacharie Rakotoarisoa : minisitry ny fitsarana teny amin'ny 13 mey io, ary nanome baiko ny hanafihana ny lapan'lavoloha tamin'ny 2009. Ny lasa tsy fanadino, ary izahay tsy hino fa hiova ianao madama a!

**Gasy Misaina** : LOZA inona ity manjo anay Gasy Andriamanitra o! Fa de ireo mpanongam-panjakana no tafapetraka sy tafaverina eo @ fitondrana.LOZA iray LOZA roa LOZA telo ndray zany no hiainana handritra ny 5taona ho avy. LOZA inona ty???? Vao mainka ho loza noho ny tamin'ny depiote Malety!

**Hary Vololona** : hifampiaro @ tombotsoa zareo fa tsy ho @ vahoaka.

**Jocelyne Randimbison** : olona efa fantatra ny tantarany de hoy aho hoe bla bla bla, zao ary efa hiady 4x4 sahady. Manompo vahoaka de mampiasa bus sy taxi-brousse fa tsy lolohavina eny antampon'ny loha. mba hianaro ireny nataon'ny ambassadeur ni Norvège ireny: bisikileta no nampiasainy teto fa tsy fiara blindé na 4x4 fumé. tsy tafita mihitsy ilay fampianarana.

**Matteo Razafindravelo** : lay hoe hifankatia aloha sady azo raisina no mitombina fa ty oe HIFAMPIARO ty tena mahalasa saina. Dia hoy aho hoe an an an toizo iany ange ny fanaonareo sasany tsy matahotra an'Andriamanitra ireo fa ho doran'ny olona velona any @ misy anareo any nareo. Aza misy anie izany.

## TONONKALO

### Miandry fa gasy !

Miandry fa gasy , toa teny fandre
Eo am-bavan`ny zaza sy ny olon-dehibe,
Izay midika fa misy ihany fanantenana,
Na dia maloka aza ny lalan-kombana.

Miandry fa gasy , efa toa mahazatra.
Tsy teny mahery kanefa mandratra,
Milaza fa tena tsy lohalaharana
Ianao izay voalaza fa "kitro ifaharana".

Miandry fa gasy , toa teny mandidy,
Midika f`isika tsy tompon-tsafidy,
Ka dia ny manaiky no hany azo atao
Na mangidy na mamy no mihatra anao.

Miandry fa gasy , toa mila tsy ho tanty
Fa teny maneso ary koa manabanty,
Fanaon`ny mpitondra efa tsy misy hapoaka
No sady efa tena tsy mamim-bahoaka.

Miandry fa gasy , toa mampanantena,
Kinanjo dia teny fandrebirebena
Fanaon`ireo avo efa eny am-bovonana
Ho fialana bala amin`ny eny an-tokonana.

Miandry fa gasy , mba mila ovàna,
Fa teny mitory fanevatevana.
Tsy tantin`ireo Malagasy efa reraka,
Miandry an`Ambatobevohoka ho teraka !

***SEDERA RAVALISON (18-07-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny hetsiky ny olompirenena miady amin'ny hosoka sy ny halabato tetsy amin'ny Antenimierandoholona









BORIBORITANY FAHA-3 (CUA)

## Nanadio ny rano mipotsitra na « fontaine d'eau » etsy Antanimena



*Ny fanadiovana tetsy amin'ny rano mipotsitra Rond Point Antanimena.*

Nohon'ny loto nivangogo tao anatiny sy ivelan'ny rano mipotsitra na « fontaine d'eau » eo amin'ny Rond-point Antanimena dia nandray fepetra nanadio ny kaominina Antananarivo Renivohitra, Boriboritany fahatelo, omaly maraina. Tonga nanala ireo loto nitsingevana rehetra sy ny fako tao anatiny sy ivelany ny ekipa teknikan'ny boriboritany fahatelo ary nitatitra izany teny amin'ny « bac à ordures ». Naharitra ora 2 ny fadiovana nohon'ny fako be loatra. Araka ny fanazavana sy fitarainan'ireo mponina teny an-toerana dia vokatry ny loto nataon'ireo olona adala manasa lamba, ary manary lamba sy fako ao . Lasa toerana fakan'ireo olona mpikarama mivarotra rano hanasana fiara ihany koa iny faritra iny , ka miteraka petsapetsa sy loto. Anisan'ny niteraka ny loto ihany koa ny fandalovan'ny ekipan'ny Barea farany teo, nipetrapetraka manodidina ny rano teo daholo ny olona, izay nandatsaka fako sy fonona sakafo maro teny an-toerana. Rehefa amin'ny andro mafana kosa dia lasa filomanosan'ireo « 4 mi » ny rano. Araka izany dia mangataka amin'ny tomponandraikitra ny olona manodidina eny an-toerana mba handraisana fepetra amin'io rano mipotsitra eo amin'ny Rond Point Antanimena io.

*Aly*

# Sakafo Ny Valosoa



Trondro maina sy voanio indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao rony izany azo atao ketsaketsa fotsiny koa. Ny voanio dia sady manome hanitra no manome tsiro tsara ny sakafo. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafody natoraly ny siniozita

Fanafody natoralin'ny siniozita indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fomba handresena ny sinusite na siniozita, ohatra: ny laisoa na choux. Totoina tsara mba ahazoana ranony kely, tantavano tsara (tamiser), araraho ao anaty orona 2 goty isaky ny lavakorona. Misy ny fomba tena mora dia ny fampiasana ny coton tige. Atao mandritry ny iray volana ny traitement ary indray mandeha isan'andro.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Soavinandriana any amin'ny faritra Itasy

Ny tanànan'i Soavinandriana any amin'ny faritra Itasy indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Eo amin'ny ivon'i Madagasikara no misy ny tanànan'i Soavinandriana, kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity ary renivohitry ny distrikan'i Soavinandriana. Faha- mpanjaka, tsy nety nanao miaramila ny zatovolahy tany izay feno 18 taona fa nanao toha-drano nanmbolena vary. Faly ny mpanjaka noho ny safidin'ireo zatovolahy, nosoavin'Andriana izy ireo tamin'izany, nahatonga ny anaran'ny tanàna Soavinandriana. 140 km miala an'Antananarivo no misy azy, manakaiky azy ny farihin'Itasy, ao amin'ity kaominina ity mihitsy no misy ny farihin'Itasy. Vokatra any ny vary, mpanjono koa ny mponina noho ny fisian'io farihy lehibe faha-2 eto Madagasikara io, sy ireo renirano maromaro mandalo an'i Soavinandriana. Mpiompy omby sy kisoa koa ny mponina. Mafana sy be orana any, mangatsiaka ihany koa anefa amin'ny ririnina. Mamokatra ny any an-toerana, noho ny tany vôlkanika. Alatsinainy ny tsenan'i Soavinandriana.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 136), Madagasikara 18 jolay 2019

***Ohabolana 19: 3* "Ny fahadalan'ny olona no mahasimba ny alehany, Ka amin'i Jehovah no sosotra ny fony."**

Ry olombelona noforoniko ô! Fa nahoana no miady AMIKO JEHOVAH hianareo? Inona no fantatrareo amin'izay noforoniko sy namboariko? Noho izany tsy maintsy miaraka AMIKO hianareo, mihaino AHY, mamantatra AHY fa raha tsy izany dia diso hianareo na izay ataonareo na izay alehanareo na izay teneninareo na izay sotroinareo sy hohaninareo eny hatramin'izay tompoinareo sy atsanganareo ho mpanjaka eo amin'ny fiainanareo. Hoy ny ***Ohabolana 19: 3*** *"Ny fahadalan'ny olona no mahasimba ny alehany, Ka amin'i Jehovah no sosotra ny fony."* Ry mpamaky sy mpihaino AHY JEHOVAH MPANJAKA, hianareo ve mba manontany AHY, mba mitady ve? Mba tia AHY koa ve? Moa tsy hianareo ihany ve no misafidy izay ataonareo sy alehanareo? Ka rehefa tsy mahomby sy tsy mahita fandresena hianareo dia tezitra, ary rehefa tezitra hianareo dia tezitra AMIKO JEHOVAH, kanefa anie ka tokony ho fantatrareo tsara io TENY io e! ny fanaovanareo adaladala no manimba ny alehanareo sy izay ataonareo. Tandremo tsara izany ry olombelona ô! Nahoana moa IZAHO no fefenareo manao hoe: JEHOVAH koa ve dia miditra an-tsehatra amin'ny zavatra toy izao, toy iry, amin'ity sns...? izao no Teniko aminareo ry olombelona ambany masoandro tsy an-kanavaka ô! Tsy maintsy jereko ny ataonareo, izay alehanareo, ny asanareo, ny tokantranonareo, ny fanompoanareo, ny fiteninareo, ny fihetsikareo, ny fombanareo, ny fikelezanareo aina, ny fiezahanareo sns.... Misy anjely manoratra avokoa izany araky ny Teniko tany aloha manao hoe: manana boky voasoratra aty AMIKO hianareo. Ahoana ary no hitsarako anareo amin'ny fotoan'andro raha tsy idirako an-tsehatra ny fiainanareo? Satria tsy misy fiainana avela handalo fotsiny izany fa raiketina avokoa. Noho izany tandremo tsara izay ataonareo. Sa hianareo ve ny mitsara AHY JEHOVAH hoe: tsy idirako JEHOVAH izay baolina. Miditra AHO, miseho AHO, mananatra AHO, mampianatra AHO, manitsy AHO. Havelako amin'izao izany ireny hadalanareo be ireny ry Malagasy? Fa tsy ho vonjeko hianareo? Havela hanaram-po? Mifaly amin'ny hadalana hianareo ry Malagasy? VAVAKA no notakiako ka zavatra hafa no hitako nataonareo. Rehefa izany dia sosotra AMIKO hianareo? Aza manao izany intsony fa miverena dia mivavàha, mibebàha mihitsy e! ny zavatra tsy fantatrareo dia izao: **ny zava-misy sy mitranga ao Madagasikara izao dia efa fanombohan'izay ho avy ka na inona na inona miseho ao dia miditra an-tsehatra AHO JEHOVAH, hanatanteraka ny TENIKO AHO: FAMONJENA, FANAVAOZANA, FAHAMARINANA, FAHAMASINANA.** Ny antony? Tsy mety AMIKO JEHOVAH izao fombanareo ambany masoandro izao, noho izany nampidiniko teo aminareo ny FANAHIKO, ILAY FANJAKAKO izany mba handravarava izay tsy AHY JEHOVAH eo amin'ny fiainanareo. Aza adino fa raha mandrava AHO tsy maintsy manangana zava-baovao amin'ny Anaran'i JESOSY, ao ny TENIKO, ao ny TANJOKO, ny PROGRAMAKO. Androany AHO no miteny aminareo zanak'olombelona ambonin'ny tany fa ho tonga tsy ho ela ny FANJAKAKO, FIFOHAZAM-PNAHY LEHIBE mbola tsy nisy toy izany hatramin'izay naha-tany ny tany no fiatombohan'izany ASA LEHIBE izany. ASAKO izany ka tsy misy mahasakana, fombako izany ka ataoko, Teniko izany ka tanterahiko, voninahitro izany ka asehoko, Heriko izany ka tsy maintsy miasa, fanapahako izany ka tsy maintsy manapaka, didiko izany ka tsy maintsy mihatra ary lalàna avy AMIKO ka tsy maintsy arahina. Mahasoa anareo olombelona izany ary fombako JEHOVAH no hanatanterahana izany fa tsy sain'olombelona na fahaizanareo fa FAHASOAVAN'NY LANITRA. Atomboko ao Madagasikara ny ASA ka hahagaga izao tontolo izao ny AKONY. Ny taona 1997 AHO JEHOVAH no efa niteny sy nanambara tamin'ity mpanompoko ity ny mikasika izay ASA LEHIBE hataoko ao amin'ny firenenу izany. Nanomboka tamin'izany no efa natomboka ny VAVAKA na dia mbola izy irery ihany aloha no nanao izany. Izay ilay atao hoe " FSISORONANA". Nitariko JEHOVAH izany, nambarako tamin'ny alalany na dia maro aza no tsy nino, tsy nanaiky. Ny tena mampalahelo dia ity, rehefa vahiny no niteny izany Fifohazam-panahy izany dia nino hianareo fa rehefa Malagasy toa anareo dia lainga ve? Miteniteny foana? Tsy maninona izany fa izao e! **Miomàna fa hianareo Malagasy no hanao ny ASA ka aoka hifankatia, hiray saina.** Misaotra anareo rehetra izay efa nivavaka ho an'izany Fifohazana izany, ho an'ny Firenena, ho an'ny Firenen-kafa koa, aza hadino fa izao tontolo izao no ho vonjena. Ahoana ary no fisoronana izany zavatra ho avy izany? ***Isaia 43: 18-19*** *"Aza mahatsiaro ny lasa, na misaina ny taloha. Indro, Izaho efa hanao zava-baovao, koa ankehitriny dia efa miposaka izany; tsy hahalala izany va ianareo? eny, any an-efitra no hanaovako lalana ary any amin'ny tany lao no hasiako ony."*

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## 70 TAONAN'NY MPAMONJY VOINAN'NY CUA

# Fanamby ny hanangana sekolin'ny « Pompier »

Niaiky ny tsy fahatomonbanana amin'ny fanatanterahana ny asa fomonjena voina ataony ny sampana mpamonjy voina an'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), indrindra ny tsy fahatongavana arapotoana amin'ny antso vonjy ataon'ny niharamboina. Nambaran'ny lehiben'ny sampana mpamonjy voina etsy Tsaralalana, ny Lietnà kolonely Ramanoara Francky, anefa fa miankina betsaka amin'ny antso an-tariby ara-potoana amin'ny laharana maitso 118 no maha tara na tsia ny fandraisan'izy ireo ny andraikitra ary manampy trotraka ny fitohanan'ny fifamoivozana eto an-drenivohitra. Na eo aza ny olana samihafa dia manao ny ezaka rehetra ahatongavana ara-potoana ny mpamonjy voina. Vokatry ny fiarahamiasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka sy ireo fikambanana mpamonjy voina any ivelany dia misy hatrany ny fanamafisana ny fahaiza-manao sy ny fahalalana vaovao omena ireo vatan-dehilahy mpamonjy voina eto Antananarivo Renivohitra. Anisan'ireo mitondra ny traikefany matetika eto amintsika ireo teknisiana avy any Kanada. Ankoatra ny fahalalana sy fahaiza-manao hoentin'izy ireo dia mivatsy fitaovana samihafa manaraka ny toetrandro ireo mpamonjy voina avy any Kanada ireo.

Ny taona 1949 no namorona ny sampana mpamonjy voinan'Antananarivo renivohitra. 70 taona aty aoriana dia mbola mijoro hatrany ary manao fanamby amin'ny hanatsarana hatrany ny fanatanterahana ny asy ny mpamonjy voina. Anisan'ireo fanamby lavitr'ezaka ny hananganana sekoly ambony fanofanana ny matihanina momba ny vonjy voina. Tanjona ny hizarana fahalalana mitovy ho an'ny mpamonjy voina rehetra manerana an'i Madagasikara.

Fotoam-pivavahana tetsy amin'ny fiangonana miaramila iraisam-pinoana Ampahibe no nanombohana ny fankalazana ny faha 70 taona nijoroan'ny sampana mpamonjy voinan'Antananarivo renivohitra omaly maraina. Tonga nanome voninahitra ny fotoam-pivavahana ireo solontena avy amin'ny Andrimpanjakana samihafa sy ireo lehiben'ny vondro-tafika nasaina manokana. Nanotrona ny fanombohana ny fankalazana ny faha-70 taonan'ny sampana mpamonjy voina teny Ampahibe ihany koa ireo mpitantana eo anivon'ny Kaominina Antananarivo renivohitra, notarihan'ny filohan'ny filankevitra monisipaly, kolonely Faustin Andriambahoaka, izay nisolotena ny Ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra, Ramatoa Lalao Ravalomanana.

***Stefa***



*Ny fotoam-pivavahana iraisam-pinoana tetsy amin'ny Chapelle Militaire Ampahibe.*

## Boriboritany faha-5 (CUA)

# Nanao fanadiovana teny Ampasampito ka hatrany Andraisoro

Mitohy hatrany ny asa fanadiovana ny tanàna tanterahin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nanatanteraka izany ny avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy afak'omaly teny Ampasampito ka hatrany Andraisoro. Niara- nientana avokoa ireo ekipa teknika sy ireo mpanadio lalana nanatanteraka ny asa. Nandritra izany dia nisy ny famafana ny arabe, fanapahana ireo bozaka sy lobolobo ary fandraofana ireo fasika miangona eny amin'ny sisin' ny arabe. Marihina fa noho ny tsy fahampian' ireo mpiasa manadio iny faritra iny no antony nanatanterahana izao hetsika izao sady fanentanana ihany koa ireo mponina mba hitandro ny fahadiovan'ny tanàna. Mbola hitohy hatrany ny asa fanadiovana ny tanàna fa tsy hifarana hatreo, hanatanterahana ny vina napetraky Ramatoa Ben'ny tanàn'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana : "Antananarivo, soa iombonan'ny Malagasy".

***Helisoa***



*Ny fanadiovana nataon'ny Boriboritany faha-5.*

Boriboritany voalohany (CUA)

## Manamboatra lalankely mirefy 120 m ao Andohatapenaka

Manamboatra lalankely eny amin'ny Fokontany Andohatapenaka Voalohany nanomboka ny andron'ny omaly, ireo ekipa teknika avy ao amin'ny boriboritany voalohany sy ny avy eo anivon'ny Departemanta misahana ny asa vaventy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Lalankely mirefy 120 metatra teo no namboarina nandritra izany. Raha araka ny nambaran'ny Lefitra faharoa ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany Andriamatoa Razanadrakoto Heriniaina dia haharitra herinandro eo ho eo ny fahavitan'ny asa ary ho afa-pahasahiranana amin'izany avokoa ireo mponina maro izay mifamezivezy eny amin'ity lalana ity, indrindra fa



*Lalankely amboarina eny Andohatapenaka Boriboritany voalohany.*

ireo mpatsaka rano satria mikisilasila sy mamotaka izany làlana izany eny fa na dia mbola amin'izao vanim-potoana maintany izao aza. Tsara ny manamarika fa izao asa izao dia tafiditra hatrany anaty fandaharam-potoanan'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra, Lalao Ravalomanana dia ny fanomezana foto-drafitrasa ho an'ny mponina eny ifotony. Araka ny nambaran'ity tompon'andraikitra ity hatrany dia fanombohana ihany ny eto amin'ity fokontany Andohatapenaka voalohany ity fa mbola hisitraka ity tetik'asa ity avokoa ireo fokontany 44 izay mandrafitra ny Boriboritany Voalohany. Maro ireo fangatahana izay tonga eny am-pelatanan'izy ireo, fa izay hita ho laharam-pahamehana no enjehina hatao mialoha. Rehefa vita ny ao amin'ity fokontany ity dia ny fokontany Antetezanafovoany indray no hanohizana izao asa fanamboarana lalankely izao. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia manentana hatrany ny tsirairay mba samy hikajy sy hikolokolo ireny fanana iombonana ireny. Manentana ihany koa izy ireo amin'ny fandraisana andraikitry ny tsirairay mba tsy handrora mitsilany satria izy ireo ihany no hizaka ny voka-dratsy raha hanimba izany fotodrafitr'asa izany.

**Aly**

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanadio ny teny Ivandry Pullman ka hatreny amin'ny ARTEC Alarobia

Ho fitandrona hatrany ny fahadiovan'ny tanàna dia mitohy amin'ny alalan'ny asa ny avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly. Niara-nientana indray ireo mpanadio lalana sy ireo ekipa teknika ary ireo agent d'assainissement amin'ny asa fanadiovana. Nandritra izany dia nofafana ny arabe, notapahina ireo bozaka ary noraofina ireo fasika sy vovoka miangona amin'ny sisin'ny arabe. Entanina hatrany isiska mponina mba hitandro ny fahadiovan'ny tanàna misy antsika satria izay tsy mandoto dia efa manadio.

**Aly**



*Ny fanadiovana nataon'ny Boriboritany faha-5 teny Ivandry, ka hatrany Alarobia.*

Tetikasa Casef

## Fantarina mialoha ny mety olana amin'ny tontolo iainana sy sosialy

Atrikasa tombana sy fakan-kevitra ahafahana mamoaka ireo kasinga rehetra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny paikady sosialy ho fampandehanana sy ho fahombiazann'ny Tetikasa Casef aty Vakinankaratra. Fihaonana sy fakankevitra nandritra ny iray andro tao amin'ny Prisme Hotel etsy atsinanan'ny Gara no nomanin'ny Tetikasa Casef sy ny bureau d'études Aequo. Ireo tompon'andraikitra voakasik'ireo sehatra marolafy ireo no nasaina manokana nanatrika ny atrikasa ary mba hamoahana ny hevitra hokarohina amin'ny fampahombiazana ity tetikasa ity. Nanokatra sy nanome voninahitra izao atikasa izao ny Lehiben'ny Faritra Mpisolo toerana Rakotomahandry Thimoté, ny tale miadidy ny Fampandrosoana eo anivon'ny Faritra (DDR) Rakotoarivelo Rivo Herindray, ary ny Lehiben'ny sampandraharahan'ny Tombana sy Fanjohina eo anivon'ny Faritra hatrany Ramatoa Ranarivelo Lydia. Sady mpandray anjara izy ireo no nanome voninahitra izao atrikasa izao. Nandritra ny fandraisam-pitenenenana nataon'ny Lehiben'ny Faritra no nampatsiahivany ny fototra anaovana izao atrikasa izao dia ny hamoahana ny hevitra maro ho fiarovana ny tontolo iainana ary koa ny mety ho fiantraikian'ny tetikasa amin'ny fiainana ara-tsosialin'ny Mponina. Zavadehibe amin'ny Faritra hoy izy ny fisian'izao atrikasa izao satria mijery lavitra ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarenan'ny Mponina, ny Faritra rahateo no tompo-marika voalohany amin'izany fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy izany. Ny Banky iraisampirenena no mpamatsy vola amin'ny tetikasa Casef , ary sarotiny tanteraka izy ireo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny mety ho fanohintohinana ny fiainan'ny mponina ara-tsosialy noho ny fisian'ny tetikasa iray. Izany indrindra no antony nanaovan'ny Tetikasa Casef sy ny mpitao rahraraha « Aeoquo » izao atrikasa ho fakan-kevitra izao. Aorian'ny atrikasa dia mazava ny lalana hizorana ho fampandehanana ny tetikasa ary ho voavaha aty aloha avokoa izay mety ho olana miseho mandritra ny fanatanterahana ny tetikasa mandritra ny 5 taona. Tsiahivina ihany fa ny tetikasa Casef «Projet de Croissance Agricole & sécurisation Foncière », na ny tetikasa fampiroboroboana ny Fambolena sy fiarovana ny zo fananantany dia tetikasa hamaha ny olan'ny fananantany, sy hampitombo ny vokatra, misitraka izany mandritra ny 5 taona i Vakinankaratra.

**Lezama**

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

FIMPIMA Antsirabe

## Nankalaza ny ivon'ny faha-15 taona

Navoaka ny andiany indray mihira Miaro avy amin'ny sampana 06 mandrafitra ny Fimpima Antsirabe. Natomboka tamin'ny diabe nihodidina ny tanàna ny fotoana, narahin'ny lanonana ofisialy sy seho maro loko : Dontany sy kapo-tandroka, soradihy sy ny maro hafa, teo ihany koa ny fampirantiana ny tantaran'ny isan-tsampana. Nisolo tena ny Faritra Vakinankaratra nandritra ny lanonana teto Ramatoa Nathalie Sebastienne mpiara-miasa ao anivon'ny fiadidiana ny ny Fampandrosoana eo anivon'ny Faritra. Nandritra izay 15 taona izay dia tsapa ny firoboroboan'ireo vehivavy niditra tao anatin'ny sehatry ny fikabariana, raha toa ka nisy fanesoana azy ireo tamin'ny andro fahiny. Raha ny tantara dia ny taona 2004 no niorenan'ity Fikambanana ity, ka tamin'izany dia mbola Sampana Alliance Française no nisy ary nantsoina hoe Sampana Fimpima eto Madagasikara. Ankehitriny, dia efa lasa sampana miisa 8 ao anatin'ity Faritany Fimpima Antsirabe ity ary efa mahatratra hatrany amin'ny 1000 mahery ny mpikambana. Toy ny fikambanana rehetra dia misy ny mazoto ary misy ireo somary mangingina na mareforefo amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiainampikambanana, ao ihany koa ireo izay efa nahafeno ny fepetra rehetra, ka nosalorana ny lamba Fimpima. Teto dia nanamafy ny solontenan'ny Lehiben'ny Faritra fa ny tompon'ny teny dia manana fahendrena izay afaka manaja ny manodidina ary modely eo amin'ny firindra ny fiainana. Isan'ny tosika lehibe ho fampandrosoana ny ara-kolotoraly ny Faritra ny tantsoroka sahanin'ny Fimpima amin'ny alalan'ny kabary satria mitahiry sy manandratra ny kolontsaina Malagasy indrindra mikajy ny teny velona hoy hatrany izy. Nandritra izany ihany koa no nanamafisan-dRamatoa Filohan'ny Faritany Fimpima Antsirabe Ramatoa Ranaivozandriny Hary fa manana adidy lehibe eo amin'ny fiharaha-monina sy ny fanajana ny soatovina Malagasy ary mba hipàka hatrany amin'ny fampandrosoana ny firenena.

**Solohery**

## SARIITATRA : Tany Egypta Rajoelina dia resy ny Barea





PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Salama R**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**13/07/19 hatramin'ny 20/07/19**

- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près Cenam 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32
- **MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 622 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 932-07-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TOEKARENA SY FAMPANDROSOANA

## Tontosa ny tsenaben'ny tantsaha andiany faha-5

Tontosa ny herinandro lasa teo ny Tsenaben'ny Tantsaha andiany faha 5, ho an'ny tanora FTMTK Diosezy sy ny Radio Haja ho an'ny fiangonana katolika Diosezy Antsirabe. Tombony ho an'ny Faritra Vakinankaratra sy ny tantsaha ny Tsenabe ho fampivoarana ny tontolo ambanivohitra, mba hanehoana ny fahaizamanao sy ny traikefa satria ny 80% ny malagasy dia mivelona amin' ny fambolena sy fiompiana avokoa. Mila mifandrimbona, miray hina, miara-mientana ary miara-miasa ho amin'ny fahombiazana. Sady Vinan'ny fitondram-panjakana rahateo ny hahaleotena ara-tsakafo sy ny fampandrosoana maharitra. Nifanindran-dalàna tamin'ny zaikaben' ny Fivondronan'ny Tantsaha Tanora Malagasy Katolika, na FTMTK (Fivondronan'ny Tantsaha Tanora Malagasy Katolika) ity Tsenaben'ny tantsaha ity. Ny FTMTK izay manana ny tarigetrany hoe Mino-Sahy-Mivoatra-Mitia ny zavaboahary "Ny Raiko miasa mandraka ankehitriny ary Izaho koa miasa "In 5: 17. Natomboka tamin' ny fotoam-bavaka lehibe izay notarihin'ny Eveka Philippe Ranaivomanana tao amin'ny Katedraly Antsenakely, narahana fifandimbiasam-pitenenan'ireo olo-manankaja ary nitohy tamin'ny fitsidihana ireo tranoheva ary nofaranana tamin'ny diabe nataon'ireo Tantsaha Tanora Malagasy Katolika sy ny fitsidihana ny toeram-panofanana Manantenasoa-Antsahasoa. Naharitra hateloana ny hetsika teo anoloan'ny Cathédrale Antsirabe. Ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono no mpiahy ity Tsenaben'ny tantsaha ity, izay nahitana tranoheva 37. Mpanohana ofisialy izao hetsika izao ny "Feed Max" ary ny mpiaramiasa dia ry zareo "Soafiary" sy ny maro hafa. Mpikarakara ity Tsenaben'ny tantsaha ity ny FTMTK ary miara-miombon'antoka aminy ny Radio Haja Antsirabe. Marihina fa naharitra hateloana ity Tsenaben'ny tantsaha ity teo amin'ny tokontany ny Katedraly Antsenakely. Nanome voninahitra ny lanonampanokafana amin'ny fomba ofisialy izao Tsenaben'ny tantsaha izao ny Mpanolotsain' ny Minisitry ny Fambolena sy Fiompiana ary ny Jono Ramatoa Raboanary Hanta, ny Tale misahana ny Raharaha ankapobeny sy ny Lafitany eto amin'ny Faritra Vakinankaratra Ramahandriarivo Fanja ary ireo Fivondronan'ny Tantsaha Tanora Malagasy Katolika (FTMTK) eto amin'ny Diosezin'Antsirabe. Tsara ny manamarika fa ny mpiofana ato amin'ity FTMTK ity dia manodidina ny 6000 mianadahy satria ny tanjona dia ny tanora manana fahaizamanao sy traikefa eo amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana, mba hampivoarana ny tontolo ambanivohitra sy ny Faritra misy azy, izay mitondra fampandrosoana ho an'ny Firenena.

*Solohery*

ECCOVA

## Namoaka mpiofana "miakanjo tsara" andiany faha 8 tany Antsirabe


Namoaka ny mpiofana tao aminy, andiany faha 8 sahady ny sekoly Eccova Vakinankaratra ny herinandro lasa teo. Ny Faritra Vakinankaratra dia nanankinan'ny Fanjakana ny asa fampandrosoana ara- toekarena sy ny sosialy , ny asa tanana toy izao dia manampy ny tanora amin'ny famoronana asa sy mampandroso ny tanànan'Antsirabe sy Vakinankaratra iray manontolo. Matihanina tanteraka raha ity sekoly ity satria dia manana fankatoavana avy amin'ny Fanjakana. Izay mpianatra mivoaka ao amin'ny Eccova dia hitondra ny anjara biriky hampivoarana ny fiaraha-monina sy ny Faritra satria ny tanora no kitro ifaharan'ny fampandrosoana hoy ny nambaran-dRamatoa Tale misahana ny raharaha ankapobeny sy ny lafitany eto anivon'ny Faritra, hahazo tombontsoa anie ireo tanora izay hisandratra amin'ity asa ity . Amin'ny sehatra toy itony dia hita fa ny vehivavy no tena maro an'isa. Tontosa ny herinandro teo ny lanonana famoahana mpianatra zaitra miisa 26 tao amin'ny "Ecole de Coupe et Couture Vakinankaratra" na E.C.CO.VA, izay natao tao amin'ny Hotel Diamant. Nanome voninahitra izao lanonana izao ny Tale misahana ny raharaha ankapobeny sy ny lafitany eto anivon'ny Faritra, ny solontenan'ny Ben'ny Tanànan'Antsirabe, ny solontenan'ny Talem-Paritry ny Fanabeazam-pirenena, ny Fampianarana Teknika sy Fampianarana arak'asa eto Vakinankaratra, ny Chef d'examen GREFTP, ny Filoha mpanorina ny Eccova Ramatoa Razanamanalina Volana. Nitohy tamin'ny filatroana izany ary nofaranana tamin'ny fanapahana ny mofomamy. Tsara marihina fa 25 taona no niorenan'ny "Ecole de Coupe et Couture Vakinankaratra" na E.C.CO.VA, raha toa ka miisa 24 ny ivon-toerana eto Madagasikara. Aorian'izao fivoahany ara-pomba ofisialy izao, tonga dia hiditra eo anivon'ny asa ireto mpiofana ireto.

*Lezama*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 286**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0285)


***Mitsivalana***

- Takotra
- Ena – To
- Matoatoa
- Piso
- Aty
- Lakana
- Malagasy (Miv)

***Mitsangana***

- Tempoly
- Anay – As
- Katsaka
- OO – A.G
- Tia – Ana
- Total
- Ota (Miv)
- Hao (Miv) – PM

### TENY MIFANARAKA N° 286




**Mitsivalana**

**1.** Fanjai-be – Ao Bongolava **2.** Fiantsoana sy tsirairay **3.** Fisotro – Renirano **4.** Tsy ivelany – Teny faniriana **5.** Saka, piso – Nivadika (Miv) **6.** Eo amin'ny loha (Miv) – Fery **7.** Fanitarana – Metaly **8.** Tandindona – Loza (BL) **9.** Mampiray – Napetrako (Miv) **10.** Loko

**Mitsangana**

**A.** Bingo – Tao **B.** Nahodina **D.** Vanim-potoana **E.** Notanterahany (Miv) – Kosa **F.** Lavitra tsy hita maso – Triatra **G.** Mahantra (Miv) – Zava-mamy tsy misy lohany – Ao amin'ny nono **H.** Tovona – Ao amin'ny Baiboly – Asa (Miv) **I.** Laza (Miv) – Toerana **J.** Manjelatra **K.** Ahy sy Azy ireo (Miv) – Tapitra (BL)

### Valiny Teny mifanaraka 0285

*Mitsivalana*

1. Mandrevy 2. Adala (Miv) - Ma 3. Nay - Itasy 4. Dina - Avana (Miv) 5. Ana - Ory - OM 6. Alaotra 7. Nana (Miv) - Dio (Miv) 8. Zanakao 9. Rininina (Miv) 10. Mianiana

*Mitsangana*

A. Mandà - Azy B. Alaina D. Naina - Anay E. DD - Anana F. Ray - Nikalo (Miv) G. Taranany H. Voania - O, I, A I. Sa - To - RN J. Mivory - Ia K. Ha - Radama (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny vavaka iraisampinoana ho fanombohana ny fankalazana ny faha-70 taonan'ny mpamonjy voinan'ny CUA.









